

# TORITENY - MASINA MARIA RENIN'ANDRIAMANITRA - Taona D



**Fa i Maria kosa nitadidy izany zavatra rehetra izany, ka nieritreritra azy tao am-pony.**  
**(Lk 2, 19)**

Ry kristianana havana amin'izao taona vaovao, andro voalohan'ny taona vaovao izao dia asain'ny Eglisy isika mibanjina sahady an'ilay Renintsika, Renin'ny Eglisy, Renin'Andriamanitra dia i Masina Maria. Ny antony dia tsotra mba hahafahantsika mandray

azy ho modely. Miaraka aminy isika hamakivaky an'ity taona ity mba ho taom-pahasoavana. Araka ny efa fantatrantsika dia taonan'ny famindrampon'Andriamanitra ity taona ity ka i Masina Maria dia Renin'ny famindrampo, amin'izay mba tahaka ny Ray tokoa isika. Renin'ny famindrampo

**Vakiteny I : Fan. 6, 22-**  
**Tononkira : Sal. 66, 2-3.5.6**  
**Vakiteny II : 1 Gal. 4, 4-7**  
**Evanjely : Lk. 2, 16-21**

i Masina Maria satria Renin'Andriamanitra ka hianarantsika izay niainany. Fantaro koa ry Kristianana havana fa izay niseho sy nitranga ary niainan'i Masina Maria dia iainantsika tsirairay avy ihany koa. Raha antsoina i Masina Maria amin'izao voalohan-taona izay anasan'ny Eglisy atsika hibanjina azy bebe kokoa dia ny fibanjinana ny fahandriam-pahalemana sy ny fiadanana. Ity taona ity dia nanoratra ho antsika ny Papa Ray Masina nanambara fa ny tsy firaharahiana no fototry ny aretina mikiky ka mahatonga ny fiainantsika tsizarizary izao ka raha ny fepetra iainantsika ny hoe samy mandeha samy mitady dia mifanilikilika isika ary dia mifanapotika. Hitantsika ny vokany, mandrora mitsilany atsika ka hery setra sy risoriso ny tsy rariny no manjaka. Mampibanjina atsika an'i Masina Maria ny Eglisy ary indrindra ny vakiteny atolotry ny fiangonana amin'izao voalohan-taona izao dia mampieritreritra atsika sahady ny fiainan'i Masina Maria. Izy no misantatra voalohany ny asam-pamonjena nentin'i Kristy ka izay niainan'i Masina Maria dia tsy maintsy hiainantsika ihany koa. Hanjaka eo amintsika tokoa ny fahaizana mifanaja, fanoherana an'izay hoe tsy firaharahiana izay dia hianarantsika ny fiainan'i Masina Maria. Hitantsika fa raha vao nandray ny vaovao mahafaly izy dia lasa nandeha namangy an'i Elizabeta nizara an'izay vaovao mahafaly izay ary dia niaraka nidera an'Andriamanitra izy mirahavavy.

Izay koa ny firariana ho antsika amin'ity taona ity, fanehoantsika fa hiady amin'izay tsy firaharahiana izay, ny tsy fahaizana manaja ny hafa, ny fifanilikiliana ka hahatsapa tahaka an'i Masina Maria izay nizara ny vaovao mahafaly tamin'i Elizabeta. Hiezaka isika entanin'izay famindrampo niainan'i Masina Maria izay. Aoka isika mba ho feno famindrampo ka ny fontsika no afindrantsika amin'ny hafa. Tsy ilay fo rotidrotiky ny fialonana, potehin'ny avonavona fa fo nodiovin'Andriamanitra ka nanolorany ny fo ilay fon'i Jesoa no hoentintsika tahaka nataon'i Masina Maria nitondra an'i Jesoa tany amin'i Elizabeta. Ka amin'izao taona masina izao ho masina tokoa ity taona ity raha isika samy mitondra an'i Jesoa tahaka an'i Masina Maria eo anivon'ny mpiara-belona amintsika. Izay no atao hoe famindrampo, ilay fon'Andriamanitra ao amintsika ao no hafindrantsika. Hiady amin'ny fanilikiliana io isika, amin'ny tsy firaharahiana ny hafa izay manapotika ny fainantsika fa hametraka kosa ny fifanajana ao anatin'izay fifamelana izay, ao anatin'izay fifamindrampo izay ka ny fon'Andriamanitra no mitepo ao amintsika ao no hifandraisantsika amin'ny hafa mba handresentsika ny hery setra izay manjaka eo anivon'ny fiaraha-monina, eo anivon'ny tokantrano. Handresy an'ireny isika, handresy an'ireo tsy rariny mahatonga ny fanilikiliana, handresy ny risoriso fa hitady kosa ny tombotsoa iombonana, hifanasoa sy hifanatsara satria fon'Andriamanitra no entintsika hifampizarana amin'ny hafa ka hahafahantsika ary tahaka an'i Masina Maria hitondra ny vaovao mahafaly eo amin'ny mpiara-belona ; Izay ny hiainana mba ho tena taona masina tokoa ny fainantsika amin'ity taona ity.

Masina Maria dia Renin'Andriamanitra tokoa satria Andriamanitra i Jesoa zanany. Tsy noho ny fahamendrehany izany fa noho i Jesoa. Izy Renin'Andriamanitra anie hivavaka ho antsika mba hisokatra tokoa ny fontsika tahaka ny nataony nanokatra ny fony ka nanazany nandray an'i Jesoa zanak'Andriamanitra, amin'izay koa isika hahay handray ny fon'i Jesoa amin'izao taona masina famindrampo izao ka ho fo vaovao no entintsika hamakivaky an'ity taona ity hahafahantsika hizara ny vaovao mahafaly eo amin'ny manodidina atsika ka hanjaka tokoa ny fandriampahalemana, ny fihavanana marina ary ny fiadanana. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson